# Ny Bokin'i Môrmôna — Vato Ifaharan'ny Fivavahantsika



**"Vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Kristy"**

"Ny Bokin'i Môrmôna no vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy, ary Izy dia vato ifaharan'ny zava-drehetra ataontsika koa. Mijoro ho vavolombelona izany fa tena misy Izy. . . . Ny fijoroany ho vavolombelon'ny Tompo dia mazava, madio tsara ary feno hery. . . . Maro amin'ireo Kristianina eto amin'izao tontolo izao ankehitriny no mandà ny maha-Andriamanitra ny Mpamonjy. Mametra-panontaniana mikasika ilay Fahaterahany mahagaga izy ireo, ilay Fiainany tonga lafatra ary ilay Fitsanganany tamin'ny maty tamim-boninahitra izay tena nisy marina. Mampianatra mikasika ny fahamarinan'ireo rehetra ireo mazava tsara ny Bokin'i Môrmôna. Mitondra ny fanazavana feno indrindra ny amin'ny fotopampianaran'ny Sorompanavotana koa izany" (Ezra Taft Benson, "The Book of Mormon—Keystone of Our Religion," *Ensign,* nôv. 1986, 5).

# Ny Bokin'i Môrmôna — Vato Ifaharan'ny Fivavahantsika



**"Vato ifaharan'ny Fotopampianarantsika"**

"Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no ahitantsika ireo fahafenoan'ny fotopampianarana izay ilaina amin'ny famonjena. Ary nampianarina amin'ny fomba mazava sy tsotra izy ireo ka na dia ny zaza madinika aza dia afaka ny hianatra ireo lalan'ny famonjena sy fisandratana. Manolotra zavatra maro izay mampivelatra ny fahatakarantsika ny fotopampianaran'ny famonjena ny Bokin'i Môrmôna. Raha tsy teo izany, dia tsy ho feno sy sarobidy toy izao ny ankabeazan'ny fampianarana any amin'ny soratra masina hafa" (Ezra Taft Benson, "The Book of Mormon—Keystone of Our Religion," *Ensign,* nôv. 1986, 6).

# Ny Bokin'i Môrmôna — Vato Ifaharan'ny Fivavahantsika



**"Vato ifaharan'ny Fijoroana ho Vavolombelona"**

"Vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona ny Bokin'i Môrmôna. Toy ny firodanan'ny andohalambo rehefa esorina ny vato ifaharana dia ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ihany koa no mampijoro na maharava ny Fiangonana. . . . Raha marina ny Bokin'i Môrmôna . . . dia tsy azo lavina ireo zavatra takian'ny Famerenana amin'ny laoniny sy izay rehetra miaraka amin'izany" (Ezra Taft Benson, "The Book of Mormon—Keystone of Our Religion," *Ensign,* nôv. 1986, 6).

© 2015 AN'NY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA.